Ny Baiboly ho an'ny ankizy
dia manolotra

Ilay Samaritana tsara fanahy



Nosoratan'i: Edward Hughes

Sarin'i: M. Maillot; Lazarus

Nampifanarahin'i: Ruth Klassen; Sarah S.

Nadikan'i: Fikambanana "Ndao mba hiaraka aminay" na association "Allons ensemble" FJKM Nazareta Amborovy Mahajanga Madagascar

Novokarin'i: Bible for Children
www.M1914.org

©2014 Bible for Children, Inc.
Azo atao ny fandikana na fakana ity tantara ity nefa tsy ho amin'ny fitadiavam-bola.

Indray andro nisy lehilahy
mpahay lalana anankiray
te-haka fanahy an'i Jesoa
ka nanontany Azy nanao hoe:
"Mpampianatra o!
Inona no tokony
ataoko
mba
hahazoako ny
fiainana mandrakizay?"

Fa hoy Jesoa taminy: "Inona no voasoratra ao amin'ny lalan'Andriamanitra?"

Dia novaliany hoe: "Tiava an'Andriamanitrao sy ny namanao". "Saingy iza moa no namako?" hoy ihany izy nanontany.

Tantara iray no nentin' i Jesoa namaliana ny fanontanian-dralehilahy.

Tantaran'ny lehilahy iray izay nidina avy tany Jerosalema ho any Jeriko. Notafihan'ny jiolahy teny an-dalana ralehilahy.

Nalain'reo jiolahy avokoa izay rehetra hitany teny aminy. Eny, hatramin'ny fitafiany!

Nodarohany kapoka, ary efa saika maty mihintsy ralehilahy vao navelany.

Sendra nisy mpisorona nandalo tamin'ilay lalana. Saika handeha hamonjy ilay lehilahy naratra izy.

Saingy vao hitany fa nihoson-dra
tanteraka ilay lehilahy, dia
naleony nivily lalana.

Nony afaka kelikely nisy olona hafa ihany koa nandalo teo. Levita io olona io – lehilahy mpanampy ny mpisorona ao amin'ny tempoly.

Nanatona sy nijery ilay lehilahy maratra fotsiny izy, ary nanohy ny diany nony avy eo fa tsy nanampy azy akory.


Fa nisy kosa Samaritana iray tonga avy any. Ny Jiosy dia nankahala Samaritana fatratra.

Ireo izay nihaino ny tantaran'i Jesoa dia tsy nisy nieritreritra mihintsy hoe ilay Samaritana no handeha hamonjy ilay maratra.

Saingy tena izy tokoa no namonjy azy.
Izy irery no onena ilay lehilahy sy
nijanona mba nanampy azy.

Nandohalika teo
anilan'ilay maratra
ilay samaritana, ary
nanadio moramora
sy namehy ny feriny.
Rehefa izay natainginy
teo ambonin'ny
ampondrany izy.

Tany an-tranombahiny no nitsaboan'ilay Samaritana ilay lehilahy nandritra ny alina.

Nony ampitso, nomen'ilay Samaritana vola ny tompon'ilay tranombahiny mba hitsaboana ilay maratra mandra-pahasitrany.

Rehefa tapitra ilay tantara dia nanontany Jesoa nanao hoe: "Iza amin'izy telo lahy no naman'ilay nasian'ny jiolahy?"



Ary ilay mpahay lalana namaly Azy hoe: "Ilay Samaritana, izay niantra azy."

Dia hoy Jesoa taminy: "Mandehana ary ka mba manaova torak' izany koa". Ny namana dia ireo olona mila fanampiana. Mahafaly an'Andriamanitra rehefa manampy ny hafa tahaka izany isika.

Ilay Samaritana tsara fanahy

Tantaran'ny Tenin'Andriamanitra, ny Baiboly,

Tao amin'ny bokin'ny

Lioka 10:25-37

"Ny fanambaràn'ny teninao dia manazava."
Salamo 119:130

Tapitra

Ny tantara ao amin'ny Baiboly dia miresaka amintsika ny amin'Ilay Andriamanitsika mahafinaritra, Izay namorona antsika ary maniry ny hahafantarantsika Azy.

Fantatr'Andriamanitra fa manao zava-dratsy foana isika, izany no antsoiny hoe "fahotana". Fahafatesana no sazy ho antsika noho ny otantsika, saingy tian'Andriamanitra tokoa isika ka nomeny Jesosy Zanany ho faty teo amin'ny hazo fijaliana, mba ho voasazy noho ny helontsika. Avy eo nitsangana tamin'ny maty Jesosy, ary niakatra any an-danitra! Raha mino an'i Jesosy ianao, ary mangataka Aminy mba hamelàny ny helokao, dia havelany tokoa izany! Honina ao aminao Izy, ary ianao honina miaraka Aminy mandrakizay.

Raha te-hibebaka hiala amin'ny fahotanao ianao,
dia izao no afaka lazainao amin'Andriamanitra:
Ry Andriamanitra ô, mino aho fa maty ho ahy Jesosy, ary velona Izy ankehitriny. Miangavy Anao aho, Tompo ô, midira ao amin'ny fiainako, ary mamelà ny heloko, mba hahazoako fiainan-baovao, ary ho avy ny andro handehanako eny Aminao ho mandrakizay. Ampio aho ho velona ao aminao, tahaka ny Zanakao. Amena.

Vakio ny Baiboly ary miresaha amin'Andriamanitra isan'andro!
Jaona 3.16